DCP : Dispositif de Concentration des Poisons
(Rafitra apetraka manintona Fia)

_ Inona no tombontsoa mety ho azon'ny mpanjono amin'ny DCP ?
1-Ny DCP dia mamory sy manintona ny karazam-pia lafo vidy toy ny LAMATRA, ALOALO, LANORA, …

2-Tsy lany fotoana mivezyvezy mitady toerana misy fia ny mpihaza fa mamonjy ny toerana misy ny DCP, toerana ivorin'ny fia bevata.

3-Ireo karazam-pia voasinton'ny DCP ireo, amin'ny ankapobeny no tena bevata sy lafo vidy raha oharina amin'ny karazam-pia hita eny amin'ny vatohara.

4-Satria ireo karazam-pia lafo vidy ireo matetika hita any amboho riaka ka malalaka ny toerana ipetrahany, maro ny vokatra mikajy eny ambohony, ka sarotra amin'ny mpanjono ny hahalany ny vokatra eny.

5-Noho ny fivoaran'ny fanjonoana eny amin'ny DCP dia lasa voa-aro sy mitombo isa ny fia eny amin'ny vatohara ka mitombo araka izany koa ny fia azon'ny mpanjono alafo eto antoerana.
_Inona no zavatra hita tamin'ny fanandramana natao teto Andavadoaka ?
_Novambra 2003 : natsatoka ny DCP amin'ny rano mahatratra halaliny 500 metatra.
_Febroary 2004 : maro ny lomotra mitsiry ary maro koa ny andian'ny fia toy ny FITSE, LANORA, sns hita eny amin'ny DCP
_May 2004 : maro ny andian'ny fia bevata toy ny LAMATSE, LANORA, ALOALO, ary ny AKIO hita manodidina ny DCP
_Ahoana ny hoavin'ny DCP ?
Miaraka amin'ny fandraisan'ny mponina Andavadoaka sy Ampasilava ary ny manodidina anjara dia tianay ny hametrahana DCP maromaro ato amin'ny faritra mba hampitombo ny vokatry ny mpanjono.
Noho ny fiarahamiasantsika sy ny fanampianareo dia mino sy manantena izahay fa hitondra vokatra tsara sy maharitra ho an'ny fanjonoana sy hoan'ny toekarena ary hoan'ny tanàna ny fametrahana ny DCP.